



Siège national  
47 rue d Clichy  
75311 Paris Cedex 09  
Tél : 01 45 96 03 05

## NY VAVAKA FANGATAHANAM-PAHAZAVANA (PRIÈRE D'ILLUMINATION)

Io indray, ry havana, no lohahevitra hobanjinintsika amin'izao Fandalinam-pinoana ataontsika ato anatin'ny SAP/KNPL izao ao anatin'ny « ANJARA TOERAN'NY VAVAKA AO ANATIN'NY LITORJIANTSINKA FPMA ».

Hoyerentsika voalohany :

### ① NY NANOMBOHANA NANOMEZANA ANJARA TOERANA LEHIBE NY VAVAKA FANGATAHAM-PAHAZAVANA AO ANATIN'NY LITORJIA.

Ireo vavaka samihafa fanao ao anaty Litorjia dia efa nahazatra ny Fiangonana maro hatramin'ny ela. Fa tsy mba natao niavaka loatra ny manodidina ny famakiana ny Tenin'Andriamanitra sy ny Toriteny, indrindra fa teo amin'ny katolika Romana. Ny ivon'ny fanompoam-pivavahana moa tamin'ny Katolika Romana dia ny Fanasan'ny Tompo (Communion), ka rehefa vita ny tapany voalohany dia miteny ny Pretra ho an'ny sarambaben'olona tonga, hoe : « *ite missa est* » (mandehana mirava amin'izay= ny dikan'ny teny latina *missa* dia *fanirahana (renvoi)*). Avy amin'izany no niavian'ny hoe « *la messe* » (lamesa). Tamin'ny Protestanta kosa dia ny Toriteny no zava-dehibe, ka na dia efa teo aza ny famakiana ny Tenin'Andriamanitra mialoha ny toriteny, dia tsy mbola tsaroan'ny olona loatra ny lanjan'izan famakianteny izany noho izy tsy nomena toerana tena niavaka. Hafatra nomen'ny apôstôly Paoly an'i Timoty kanefa, ao amin'ny Epistily Pastoraly, ny hoe : « *Mandra-piaviko tandremo ny famakian-teny, ny fananarana, ny fampianarana* » *1 Timoty 4, 3* izay antony nanomezan-danja izany teo amin'ny Protestanta hatramin'ny voalohany.

Teôlôjiana katolika Romana iray, Jean-Julien WEBER<sup>1</sup>, kristiana niaina sy voataiza tao amin'ny Skotisma, ary nanana andraikitra lehibe taty aorianana satria tonga Arseveka tany Strasbourg, nanana fikasana hanolotra fanavaozana tamin'ny endriky ny Litorjia tao amin'ny Fiangonana. Rehefa nanaraka akaiky ny fivoaran'ny endriky ny fanompoam-pivavahana teo amin'ny Fiangonana izy, dia nanao fanamarihana fa vao hatramin'ny taonjato faha-20 no nanomezana anjara toerana lehibe, ary tena isan'ny fivoarana lehibe nateraky ny Konsily Vatikana II teo amin'ny katolika, ny fanomezana lanja ny fanompoana manodidina ny Tenin'Andriamanitra (culte de la Parole). Tsy notezaina hamaky Soratra Masina mantsy ny katolika tany aloha (na novakina ihany tao amin'ny fanompoam-pivavahana fa tamin'ny teny latina izay tsy azon'ny ankamaroan'ny mpiangona), fa ny Konsily Vatikana II no vao namporisika izany. Nanjary nasongadina tao anatin'izany famakiana Soratra Masina sy Toriteny izany ny Vavaka atao mialoha ny Vakiteny sy ny Toriteny mba hahazoana fahazavana avy amin'ny Fanahy Masina ka ahafahana mandray tsara ny Tenin'Andriamanitra.

Mahavariana fa na dia tsy misy fihavanana ara-nofo amin'io Arseveka katolika frantsay io aza nefá mitovy anarana aminy, amerikana ary Protestanta fa tsy katôlika Romana, i

<sup>1</sup> WEBER, Jean-Julien, *Parole de Dieu et Liturgie*, Paris, Éditions du Cerf, 1958

**Robert E. WEBER**, izay teôlôjiana nanao fikarohana manokana sy nandalina momba ny Litorjia ary mpampianatra ao amin'ny Wheaton College any Chicago (USA), dia nanao fanamarihana ny fiovana ihany koa tao amin'ny Litorjia amin'ny fanomezana lanja ny Fanompoana manodidina ny Tenin'Andriamanitra. Nambarany fa rehefa natao ny fikarohana tao amin'ny Soratra Masina, sy ny fanaon'ny Fiagonana voalohany (Église Primitive), dia nezahina ny nampifandray izany tamin'ny fanompoam-pivavahana atao ankehitriny ka nitondra ny Fanompoana manodidina ny Tenin'Andriamanitra ho amin'ny fahafenoana lehibe kokoa. Fahafenoana lehibe kokoa, satria ny Fanompoana manodidina ny Tenin'Andriamanitra dia nanjary nanana ny zony ho tena fanompoam-pivavahana tokoa («Des recherches au niveau du culte de l'Église primitive et de l'adaptation de la structure de l'Église primitive à notre culte d'aujourd'hui a dirigé le culte de la Parole vers une plus grande plénitude. Par plénitude, je veux dire que le culte de la Parole est maintenant compris comme étant un culte de plein droit»).<sup>2</sup>

Teôlôjiana vehivavy frantsay iray, **Alice DUPORT**, Mpitandrina ao Strasbourg, dia nahavatra nandrafitra VAVAKA FANGATAHAM-PAHAZAVANA maromaro tamin'ny taona 2012 ary namoaka izany tamin'ny Internet. Mampiseho izany rehetra izany ny mah-zava-dehibe ny VAVAKA FANGATAHAM-PAHAZAVANA ao anatin'ny Litorjia ankehitriny eo amin'ny Fiagonana Kristiana samy hafa.

## ② FA INONA MOA NY VAVAKA FANGATAHA-PAHAZAVANA (Prière d'illumination) ?

Antsoina hoe « Vavaka Fangataham-pahazavana » **ny vavaka atao mialoha ny Vakiteny sy ny Toriteny**, ataon'izay hamaky ny Tenin'Andriamanitra ao amin'ny Fiagonana (ao anaty Litorjia) sy ny hitory ny Tenin'Andriamanitra. Notakarina avy amin'ireto tenin'Andriamanitra ireto izany foto-kevitra izany :

- «Fanilon'ny tongotro sy **fanazavana ny lalako ny teninao** » Salamo 119, 105;
- « Iza aminareo no matahotra an'i Jehovah ka mihaino ny feon'ny mpanompony ? Na **iza na iza mandeha amin'ny maizina ka tsy manana fahazavana, aoka izy hatoky ny anaran'i Jehovah sy hiankina amin'Andriamaniny** » Isaia 50, 10;
- « Fa Kristy tsy maintsy mijaly ary ho voalohany hitsangana amin'ny maty ka **hitory fahazavana amin'ny olona Isirael sy amin'ny jentilisa** » Asan'ny apostoly 26, 23 ;
- Ary indrindra ny hataka nataon'ny Tompo Jesoa Kristy tamin'Andriamanitra Rainy, raha nivavaka ho an'ny mpianany Izy, hoe : «Efa nomeko azy ny teninao ; ary halan'izao tontolo izao izy, satria tsy naman'izao tontolo izao, tahaka Ahy tsy naman'izao tontolo izao. Izaho tsy mangataka Amino mba hampiala azy amin'izao tontolo izao, fa ny mba hiaro azy amin'ny ratsy. Tsy naman'izao tontolo izao izy, tahaka Ahy tsy naman'izao tontolo izao. **Manamasina azy amin'ny fahamarinana** ; ny teninao no fahamarinana. » Jaona 17, 14-17.

⇒ Ny vavaka fangataham-pahazavana àry, araka izany, dia atao **ho fangatahana ny Fanahy Masina mba hanokatra ny sain'ny olona ary hanazava ny saina mba hahafahana mandray tsara ny Tenin'Andriamanitra vakîna sy torîna**. Ny vavaka fangataham-pahazavana ↵

⇒ Ny vavaka fangataham-pahazavana koa dia **hataka atao amin'Andriamanitra mba hanamasinana ny olona eo am-pandraisana ny tenin'Andriamanitra**. ↵

Atokana (sanctifier) ho an'Andriamanitra ny olona, mba hanana fifandraisana amin'Andriamanitra, ary hahatakatra sy hahafantatra izay tian'Andriamanitra holazaina

<sup>2</sup> WEBER, Robert E., in *Worship Leader Magazine*, Chicago (USA), 1975

aminy. Hoy ny apostoly Paoly ao amin'ny 1 Korintiana 2, 11 : « Fa iza ny olona mahalala ny ao am-pon'ny olona, afa-tsy ny fanahin'ny olona izay ao anatiny ihany ? Ary toy izany koa, tsy misy mahalala ny ao am-pon'Andriamanitra afa-tsy ny Fanahin'Andriamanitra ihany.»

Efa voalazantsika tetsy aloha fa notakarina avy amin'ny ohatra tao amin'ny Soratra Masina sy izay efa nataon'ny Fiagonana voalohany izany.

Ao amin'ny Fanekempihavanana Taloha, ny ahitana endrika « Vavaka fangataham-pahazavana », dia ao amin'ny Nehemia 8, 35-36. Talohan'ny namakiany tamin'ny vahoaka ny « Bokin'ny lalàn'i Mosesy izay nandidian'i Jehovah ny Isiraely» (Tôrah) : « Dia nosokafan'i Ezra teo imason'ny olona rehetra ny boky (fa ambony toerana noho ny olona rehetra izy) ; ary rehefa nosokafany izany , dia nitsangana koa ny olona rehetra. Ary Ezra nisaotra an'i Jehovah, Andriamanitra lehibe ; ary ny olona rehetra nanandra-tànanana ka namaly hoe : Amena, Amen ; dia niondrika izy sady niankohoka tamin'ny tany teo anatrehan'i Jehovah ». Nanjary fomba fanao narahina tao amin'ny Synagoga izany taty aoriana, ary nolovantsika Kristiana ihany koa ka nahatonga ny fanaovana Vavaka fangataham-pahazavana. Azo antoka fa nanao toy izany Jesoa teo am-panombohana ny asany, fony Izy tonga tao Nazareta tanàna izay nahabe Azy (Lioka 4, 16-17). Marihintsika eo amin'ny voalaza ao amin'ny bokin'i Nehemia sahady ny fitsanganan'ny olona teo am-phiainoana ny Tenin'Andriamanitra (izay nolovantsika taty aoriana ka mahatonga antsika hitsangana rehefa mamaky ny Filazantsara izay miteny mivantana momba an'i Jesoa Kristy)

Ao amin'ny Fanekem-pihavanana vaovao koa dia misy ohatra Vavaka fangataham-pahazavana mialoha ny hamakiana sy handraisana ny Soratra masina ; Hitantsika izany ao amin'ny Efesiana 1, 16-19 : « Tsy mitsahatra ny misaotra noho ny aminareo aho ka mahatsiaro anareo min'ny fivavahako, mba homen'Andriamanitr'i Jesoa Kristy Tompontsika, Rain'ny voninahitra, ho anareo ny Fanahin'ny fahendrena sy ny fanambarana amin'ny fahalalana Azy tsara, ary mba hampahiratina ny mason'ny sainareo, mba ho fantatrareo izay fanantenana avy amin'ny fiantsoany sy izay haren'ny voninahitry ny lovany eo amin'ny olona masina, ary ny fihoaran'ny halehiben'ny heriny ho antsika izay mino, araka ny fikasan'ny herin'ny faherezany... ». Ilay fangatahan'ny apostoly eo, hoe « **mba homen'Andriamanitr'i Jesoa Kristy Tompontsika, Rain'ny voninahitra, ho anareo ny Fanahin'ny fahendrena sy ny fanambarana amin'ny fahalalana Azy tsara, ary mba hampahiratina ny mason'ny sainareo**, mba ho fantatrareo izay fanantenana avy amin'ny fiantsoany sy izay haren'ny voninahitry ny lovany eo amin'ny olona masina, ary ny fihoaran'ny halehiben'ny heriny ho antsika izay mino, araka ny fikasan'ny herin'ny faherezany... » no votoatin'ny vavaka fangataham-pahazavana.

Efa nisy Vavaka fangataham-pahazavana teo amin'ny Fiagonana voalohany, ary nanovo tamin'izany ny Mpanitsy fivavahana taty aoriana. Hoy ny fivavaky Jean CALVIN : « Andriamanity fahasoavana, Rainay any an-danitra izay ao Aminao irery ihany no itoeran'ny fahafenoan'ny hazavana sy ny fahendrena : hazavao ny eritreritray, italahoanay Aminao amin'ny asan'ny Fanahinao Masina izany, mba hahazoanay marina ny hevity ny Teninao. Omeo anay ny fahasoavanao mba hahafahanay mandray ny Teninao amin'ny fanajana sy amin'ny fanetren-tena tanteraka. Enga anie izany mba hitondra anay hametraka feno ny fitokisanay Aminao Irery ihany, hahafahanay manome voninahitra Anao sy hanompo Anao, mba ho hainay ny hanome voninahitra ny Anaranao masina ary hanabe ny namanay amin'ny alalan'ny ohatra omenay azy. Ary satria sitrakao ny hanao anay ho isan'ny vahoakanao, ampio izahay, amin'ny maha zanaky ny Rainay, sy amin'ny maha mpanompon'ny Toimponay anay, mba haneho ny fitiavana sy ny fanomezam-

boninahitra mendrika Anao. Mangataka izany Aminao izahay, amin'ny anaran'ny Mpampianatra anay sy Mpamonjy anay. » (*« Dieu de grâce, notre Père céleste en qui seul demeure toute plénitude de lumière et de sagesse : illumine nos pensées, nous te supplions par ton Saint-Esprit, en véritable compréhension de ta Parole. Donne-nous ta grâce de façon à ce que nous la recevions avec révérence et une humilité sincère. Que cela nous conduise à mettre notre entière confiance en Toi seul, de façon à t'honorer et à te servir, de façon à ce que nous puissions honorer ton saint nom et édifier notre prochain par un bon exemple. Et puisque cela t'est agréable de nous compter parmi ton peuple, aide-nous à te rendre l'amour et l'hommage qui te sont dus, en tant qu'enfants de notre Père, et en tant que serviteurs de notre Seigneur. Nous te demandons cela dans le nom de notre Maître et Sauveur... »*)<sup>3</sup>

### ③ NY VOTOATIN'NY VAVAKA FANGATAHAM-PAHAZAVANA.

Efa voalazantsika teo aloha ihany ny hita ao anatin'ny Vavaka fangataham-pahazavana, fa ezahintsika soritana hisongadina tsara kokoa izany :

- Miezaka ny manao ny vavaka fangataham-pahazavana mba **tsy ho torapo** no ataony, na fampifangaroana amin'n Vavaka hafa ao anatin'ny Litorja. Ny fahavalon'ny vavaka indrindra dia ny fahazarana sy ny tsianjery. Ezahina ny **hampifantoka ny sain'ny olona amin'ny Tenin'Andriamanitra**, dia araka ny fangatahana nataon'ny apôstôly Paoly hoe : « **mba homen'Andriamanitr'i Jesoa Kristy Tompontsika, Rain'ny voninahitra, ho anareo ny Fanahin'ny fahendrena sy ny fanambarana amin'ny fahalalana Azy tsara, ary mba hampahiratina ny mason'ny sainareo** ».
- Ny vavaka fangataham-pahazavana dia **vavaka atao amim-panetren-tena eo anatrehan'Andriamanitra mba hiasàñ'Andriamanitra, na amin'izay hamaky ny teny, na amin'izay hitoriteny, ary indrindra isika izay hihaino**. Soritan'i Calvin ao anatin'ny hataka nataony izany, hoe : « **Hazavao ny eritreritray, italahoanay Aminao amin'ny asan'ny Fanahinao Masina izany, mba hahazoanay marina ny hevity ny Teninao**. Omeo anay ny fahasoavanoao **mba hahafahanay mandray ny Teninao amin'ny fanajana sy amin'ny fanetren-tena tanteraka** »<sup>4</sup>.

→ Ao amin'ny 1 Korintiana 14, raha nilaza momba ny « Fiteny amin'ny fiteny tsy fantatra » ny apôstôly Paoly, nambarany fa « fa izay miteny amin'ny fiteny tsy fantatra dia tsy miteny amin'olona, fa amin'Andriamanitra ; fa amin'ny fanahy no itenenany zava-miafina, ka tsy misy olona mahalala ; fa izay maminany kosa miteny amin'ny olona ho fampandrosoana sy ho famporisihina ary ho fampiononana. Izay miteny amin'ny fiteny tsy fantatra dia mampandroso ny tenany ; fa izay maminany kosa mampandroso ny fiangonana... Ary toy izany koa ianareo : raha fatra-paniry ny zava-panahy, dia izay hamandroso ny fiangonana no tadiovo indrindra. Koa aoka izay miteny amin'ny fiteny tsy fantatra **hangataka mba hahay mandika teny koa...** Ny fiteny tsy fantatra dia famantarana amin'ny tsy mino, fa tsy amin'ny mino ; fa ny faminahiana kosa dia amin'ny mino, fa tsy

<sup>3</sup> BAIRD, C.W., *The Presbyterian Liturgies : Historical Sketches*, London, 1856, p. 37.

<sup>4</sup> In Encyclopédie du protestantisme, Paris, Cerf, p. 116

amin'ny tsy mino » 1 Korintiana 14, 2-3, 12-13, 22. Ny maminany lazaina eto dia ny mitory ny tenin'Andriamanitra. Mety ho toy ny fiteny tsy fantatra amin'ny olona ihany ny Toriteny, tsy ho takatry ny olona ary heveriny ho filazana manokana avy amin'ny mpitory fotsiny, ho an'ny tenany, fa ny vavaka atao mialoha izany dia fangatahana amin'Andriamanitra mba « **hahay mandika teny** » (midika hoe mahazo ny tiana hambara= interpréter). Hoy ny vakavaka fangataham-pahazavana iray nataon'ny Fiagonana tany aloha : «*Eto amin'ny fotoana hamakianay ny Soratra masina izay nampitain'ireo razanay taminay ho anay tamin'ny finoana, matetika dia tao anaty fahasahiranana mafy sy fihfifiana lehibe tokoa, tongava Andriamanitra ô hanazava anay mba hanjarian'izany ankehitriny indray koa ho anay Teny fiainana. Ataovy ho tonga tenin'ny finoana, tenin'ny fanantenana ary tenin'ny herimo ho anay izany. Eny tokoa, Andriamanitra ô, avy amin'ity taratasy ity sy ny ranomainty, mba ataovy teraka ao anatinay, amin'ny alalan'ny feonay, ny fanatrehana marina an'ny Tenin'Andriamanitra, mba hitarika anay amin'ny lalana ho ao amin'ny Fanjakan'ny Ray* » (*Au moment où nous allons lire les Écritures que nos pères et nos mères dans la foi nous ont transmises, souvent au prix de grandes peines et de lourds sacrifices, vient nous éclairer afin qu'elles deviennent pour nous, aujourd'hui encore, parole de vie. Fais qu'elles soient paroles de foi, paroles d'espoir, paroles d'amour et de courage. Oui, de ce papier et de cette encre, fais naître pour nous, par notre voix, la présence réelle de la Parole de Dieu, afin qu'elle nous conduise sur les chemins qui mènent au règne du Père*).

→ Manana foto-kevi-dehibe ara-teôlôjia ny vavaka fangataham-pahazavana, satria **mampahafantatra sy mampahatsiaro antsika izany fa avy amin'ny fanambaran'Andriamanitra no nahazoantsika ny Soratra masina, koa antso atao amin'ny Fanahy Masina izany mba hampahazava ny Teny ary hanokatra ny fontsika hahazoana mandray izay tian'Andriamanitra ambara amintsika.** Amin'izao fotoana ankehitriny izao izay misy fisalasalana momba ny fahefan'ny Tenin'Andriamanitra sy ny asan'ny Fanahy Masina, ny vavaka fangataham-pahazavana dia mampita amintsika antoka amin'ny fahamarinana sy fanekena ny Fanahy Masina ho mitarika ny Tenin'Andriamanitra hiasa ao am-pontsika sy eo amin'ny fiainantsika (*Dans une période où il y a beaucoup de confusion au sujet de l'autorité de l'Écriture et du travail du Saint-Esprit, la prière d'illumination communique une norme de vérité et reconnaît le Saint-Esprit comme celui qui conduit la Parole dans nos cœurs et dans nos vies*).

→ Ny Vavaka fangataham-pahazavana dia **manamafy ny fahamarinan'ny Tenin'Andriamanitra sy ny asan'ny Fanahy Masina izay manokatra ny fontsika ka mahatonga fahateraham-baovao amintsika hizorana amin'ny Fiainam-baovao.** Amin'izany fiainam-baovaon'ny mino izany dia Andriamanitra Irery ihany no omena voninahitra !

#### **④ OHATRA VAVAKA FANGATAHAM-PAHAZAVANA VITSIVITSY OMENA.**

Isan'ny namorona Vavaka Fangataham-pahazavana maro sy nanolotra izany ho an'ny olona ilay Mpitandrina vehivavy ao Strasbourg. Niniaviko tsy nadika ho teny malagasy ny santionany amin'ireo fa atolotra hakantsika ohatra araka izay nanaovany azy.

♦ Nous voici devant toi, près à entendre ta Parole. Nous te prions de venir à notre rencontre, de toucher notre cœur et notre intelligence, de donner du sens à nos pas. Que ta parole soit une lampe pour nos pas, une lumière sur nos sentiers. Amen

- ♦ Nous demandons à Dieu son Esprit avant d'ouvrir les Ecritures, afin qu'elles deviennent pour nous, Parole de vie. Seigneur, au moment d'entendre ta parole, nous te demandons ton Esprit, afin que ces phrases prennent sens dans nos cœurs, qu'elles suscitent en nous la soif de la rencontre avec toi, et qu'elles prennent chair dans nos vies de tous les jours. Amen.
  
  - ♦ Avant d'ouvrir la Bible, nous invoquons l'Esprit : Que le Saint Esprit vienne illuminer nos intelligences et que la place disponible dans nos cœurs soit remplie par toutes les paroles que nous allons entendre ; Qu'elles soient pour nous des paroles de vie, des paroles de Dieu. Amen.
  
  - ♦ Aujourd'hui, Seigneur, nous avons tout à apprendre de ta Parole. Débarrasse-nous des explications toutes prêtes qui nous empêchent d'être à l'écoute de son appel. Donne-nous de la recevoir comme si nous la découvrions pour la première fois. Que par ton Esprit, elle devienne Bonne Nouvelle pour nos vies. Amen
  
  - ♦ Seigneur, pour que ta Parole s'accomplisse, il a fallut que des hommes et des femmes te disent leur « oui » et acceptent de te servir. Aujourd'hui, donne-nous ton Esprit et ouvre nos cœurs à ta Parole, afin qu'à notre tour, nous te disions notre « oui ». Renouvelle en nous la foi, l'espérance et l'amour. Amen.
  
  - ♦ Seigneur, nous allons nous mettre à l'écoute de ta Parole dans l'Ecriture. Nous te prions pour que ce matin Elle vienne arroser et féconder notre terre, Elle fasse germer en nous la foi, l'espérance et l'amour, Elle soit semence pour notre vie Et nourriture pour notre route. Amen
  
  - ♦ Bénis sois-tu, Dieu notre Père, pour la Parole que tu nous donnes : parole qui sonne plus fort que nos doutes, qui nous redresse et rends vigueur à nos regards. Bénis sois-tu, pour la Parole que tu nous rends : parole qui nous permet de transmettre à nos frères et à nos sœurs, notre foi, notre espérance, et la bonne nouvelle de ton amour. Bénis sois-tu pour cette Parole faite chair en Jésus Christ, notre Seigneur, qui vit et règne avec toi, Père, et le Saint Esprit, un seul Dieu pour les siècles des siècles. Amen
  
  - ♦ Seigneur, nous voici devant toi pour entendre la parole que tu veux nous dire aujourd'hui. Permet que dans les paroles humaines que nous allons entendre, nous puissions chacun entendre dans notre cœur la parole que tu veux nous adresser aujourd'hui pour nous. Viens toi-même nous donner ton Esprit afin que de ces paroles puisse découlter la nourriture spirituelle dont nous avons besoin pour avancer sur notre route vers ton royaume.
- Avant de lire les Ecritures, nous prions :
- Esprit de lumière et de vérité, éclaire pour nous la Parole que nous allons entendre. Conduis-nous dans la vérité.
  - Esprit de sainteté, pénètre nos pensées et nos cœurs, rends-nous obéissants à ta volonté.
  - Esprit d'amour, de joie et de paix, brille en nous comme une flamme que rien ne peut éteindre. Amen

Hitantsika amin'ireo ohatra nomena ireo fa **tsy fitanisana Tenin'Andriamanitra mialoha ny famakian-teny**, ary **tsy Toriteny alohan'ny Toriteny** ny Vavaka fangataham-pahazavana. **Fangatahana fohy sady tsotra atao amin'Andriamanitra mba hahazoana fitarihana avy amin'ny Fanahy Masina izany.** Raha te hihaona marina amin'Andriamanitra ao anatin'ny Teniny isika, dia hanana ny finoana tahaka ny nananan'ireo mpianatra fony nanontanian'i Jesoaizy ireo taorian'ny nitoriany ny amin'ny Mofon'aina, raha voalaza fa maro tamin'ireo izay nihaino Azy no niteny hoe « Sarotra izany teny izany, izy no mahahaino izany ? », dia hoy Jesoa tamin'ny roa ambin'ny folo lahy: « Ianareo koa va mba te hiala ? », dia nisolo vava ny namany i Petera ka niteny, hoe : « Tompo ô, hankany amin'iza moa izahay ? Ianao no manana ny tenin'ny fiaianana mandrakizay. Ary izahay mino ka mahalala fa Ianao no Ilay Masin'Andriamanitra ». *Jaona 6, 60,67-69.*

Brétigny sur Orge, 25 novambra 2014

© *Rev. Dr Jean A. RAVALITERA*